

Farafangana, Vangaindrano, Fort-Dauphin,...  
**Tsy manadino ireo mpifidy sy ny vahoaka i Dada** 2

# NY VALOSOAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro  
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

VAOVAO

**Raniry Mahajanga** 3

Mila mametraka arofanina  
mialohan'ny fihodinana faha2

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 22 novambra 2018

Laharana 841

Vidiny : 400 Ar

**Kandida Ravalomanana** 2

**HCC**

2

## Nisintona ny fitoriana teny amin'ny HCC Tsy misakana ny asany ny teritery sy fandrahonana,...



**FAKO POLITIKA** 5

Tsy hampiova ny  
fitiavan'ny vahoaka  
an'i Dada sy Neny



**Miandrivazo** 6

Tandahatra fiara misy zandary  
mbola notafihan'ny dahalo

**Noho ny toetr'andro** 7

Ratsy ny vokatra letchis  
tamin'ity taona ity

**Fankalazana andro iraisam-pirenena** 6

Mbola marefo ny fanajana ny  
zon'ny ankizy eto amintsika



**Daka kely**

Miverena mianatra kajy fototra  
ialahy ry Boaikely a !

**Zoma Center Analakely** 7

**Efa miomana amin'ny  
ireo fety samihafa**





**KANDIDÀ RAVALOMANANA**

**Nisintona ny fitoriana teny amin'ny HCC, manaiiky ny vokatra ny CENI**

**Nitafa tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny foiben-toeran'ny KMMR teny Bel'Air Ampandran'ny omany ny talen'ny fampielezan-kevitra ny kandidà Marc Ravalomanana, Rabenja Tsehoarisoa, sy ny mpisolovava miarandia amin'ity kandidà laharana 25 ity, Me Hasina Andriamadison. Tamin'izany no nanambaran'izy ireo fa manaiiky ny kandidà Marc Ravalomanana fa voahaja ny mangarahana nandritra ny fotoana niasan'ny CENI. Noho izany ny KMMR sy ny kandidà laharana-25, Marc Ravalomanana dia manaiiky ny voka-pifidianana vonjy maika na voakan'ny CENI.**



nokirakiraina dia olona amam-polony no niarainiasa vao vonona ny antontan-taratasy fitarainana miisa 208. Niasa andro maro ary niasa andro aman'alina ny Legal Team ny kandidà N°25 ahafahana manenika ny fe-potoana. Isorana eram-po eran-tsaina ny fahavitriana sy fahavonana nasehon'ny ekipa Legal Team tsy nitandro hasasarana, tsy nitandro torimaso ary tamin'ny fomba maimaim-poana tanteraka no niasan'izy ireo tao amin'ny KMMR. Mahabe voninahitra ny fanaovana politika eto Madagasikara izany fihetsika izany. Saingy nahatsikaritra ny KMMR fa tao anaty andro vitsivitsy dia nisy paikady hafahafa hita soritra teny amin'ny fiarahamonina. Misy hetsika toa mifono ambadika politika tazana. Toa misy ampahan'olona mitady izay hanafoana ny fifidianana, nanararaotra ny fiasan'ny fitarainana ny sasantsasany mba ilazana fa ny kandidà roa voalohany samy tsy afapao ary tsy mankasitraka ny voka-pifidianana vonjy maika navoakan'ny CENI. Dia ny fisian'ny fitarainana an-tsoratra voapetraka teny amin'ny HCC no nentina hanazavana fa tokony ho foanana ny voka-pifidianana satria tsy ankasitrahany ny kandidà roa voalohany hono. Noho izany toe-javatra izany sy ho fitandroana ny tombontsoa ambonin'ny firenena dia napa-kevitra ny kandidà laharana-25, Marc Ravalomanana ary nani-raka ny Legal Team hanao taratasy mba hisintonana ny fitarainana rehetra napetraka mazava tsara eny amin'ny HCC. Aleon'ny ny kandidà laharana-25, Marc Ravalomanana napetraka mazava tsara ny fitsipidalo. Tsy mangataka ary tsy mankasitraka ny fanafanana ny fifidianana natao tamin'ny 7 Novambra 2018 i Marc Ravalomanana. Tsy mangataka ny fampihemomana ny fihodinana faharoa i Marc Ravalomanana. Aleo hizotra ny fihodinana faharoa hampazava ny safidimbahoaka, fa io ihany no hafahantsika amin'ny fomba demôkratika harendry ny olona hitanana ny firenena Malagasy amin'ny fomba eken'ny vahoaka Malagasy. Manantitrantitra ary manamafy ny KMMR fa nanaiky ny fangatahan'ny filoha Marc Ravalomanana hisintonana ny fitoriana sy ny fitarainana teo amin'ny HCC mba tsy hilazana fa tsy mankasitraka ny voka-pifidianana vonjy maika izay navoakan'ny CENI.

Isambilo

Isambilo

Farafangana, Vangaindrano, Fort-Dauphin,...

**Tsy manadino ireo mpifidy sy ny vahoaka i Dada**

Tao aorian'ny tany amin'ny fanitra Atsinanana, nitsidika ny tany amin'ny fanitra Vatovavy Fitovinany, Atsimo Atsinanana ary Anosy omany i Dada, na ny filoha Marc Ravalomanana. Tany Mananjary, Vangaindrano, Ranomafana, Ambatoabo Fort-Dauphin, ... izy tamin'izany. Izany no midika fa tsy manadino ny mpifidy sy ny vahoaka i Dada, izay mahavangany tokoa tian-kavana. Tsy manadino ny malagasy any amin'ny fanitra ny filoha Marc Ravalomanana. Misotra ireo nandray anjara tamin'ny fifidianana ny 7 Novambra teo izy. Na ireo nandrotsa-bato ho azy na tsia, nanaiky ny hilaona aminy avokoa. Ho an'ity filoham-pirenena teo aloha ity, malalaka, tompon-tsafidy malalaka amin'izay olona tany hitondra azy ny malagasy any Anosy. Anton'izao fitsidihana izao, nanolotra fisaorana be vata ho an'ny malagasy mbola nametraka fahatokisana aminy izy. Zoky

sy zanaka ary ray aman-dreny tsy mifamela amin'ny ho avin'ny Madagasikara. Ao anatin'izany, miandray am-pahatoni- nana ny fanambaran'ny fisaorana avo momba ny lalampanorenana ny voka-pifidianana ofisialy ny rehetra.

Isambilo

Isambilo

**HCC**

**Tsy misakana ny asany ny teritery sy fandrahonana,...**

Namoka fanambaran'ny HCC, na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampianenana omany, momba ny resaka manodidina ny fifidianana sy ny famoahana ny voka-pifidianana. Nanambara ny ao amin'ity andrimpanjakana ity, fa tsy misakana ny fanaovan'izy ireo ny asany ara-dalana ny teritery, ny fandrahonana, ny lainga afafy, ny fitenenan-

dratsy, ny fanalam-baraka, ny filazana vaovao diso, ... misy amin'izao forana izao. Tao aorian'ny fandraisana voalohany ny PV avy any amin'ny SRMV na ny CENI tamin'ny 10 novambra ho ny fanambaran'ia efa nanom-boka nanambara ireo antontan-taratasy-pifi-dianana isan-karazany izy ireo, tany amin'ny biraom-pifidianana rehetra tsy

ankanavaka manerana ny Nosy. Atao amin'izany ny fihetena ireo tsy fahatomombanana sy ireo zavatra tsy aradalana mba hanitsiana izany. Raha misy ny tsy fahatomombanana tena goavana dia mijery ireo antontan-taratasy fanampiny hafa ny HCC, mety hitaky ny fihetena ireo bilatà tokana nampiasainy mihitsy izany ary raha ilainy dia

haverina ny fanisana. Ny zavatra ataon'ny ao Am-bohidahy rehetra dia ho fitsinjovana ny fahamarinan'ny fifidianana hoy ny fanambaranana, no sady fanajana ny safidimbahoaka, izay ambony mihatra amin'ny zavatra hafa rehetra.

Isambilo

**HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE**

Depuis la réception des premiers plis électoraux récupérés auprès des SRMV ou de la CENI le samedi 10 novembre 2018, la Haute Cour Constitutionnelle a commencé à procéder à une vérification systématique des procès-verbaux et des feuilles de dépouillement de tous les bureaux de vote sans exception. Les anomalies et autres irrégularités font l'objet de traitement pour correction. En cas d'anomalie grave, la Cour procède à la demande de documents électoraux complémentaires, pouvant aller jusqu'à réclamer les bulletins de vote en vue de procéder à un nouveau comptage. Toutes les opérations sont menées afin de faire respecter la sincérité du vote. Pour la Cour, le respect du choix des électeurs prime sur toute autre considération. Les manipulations, mensonges, injures, diffamations, désinformations et autres ne peuvent en rien entraver cette noble mission.

Fait à Antananarivo, le 21 novembre 2018

*Ny Valosoa sy fakafaka*

**Kandidà Ravalomanana sy ny mpiara-dia aminy, nandray fanapahan-kevitr hentitra**

Nandray fanapahankevitra hentitra ny kandida Marc Ravalomanana N°25 sy ny mpiara-dia aminy, mba hisian'ny fitoniana eto amin'ny firenena, rehefa avy namoaka ny voka-pifidianana vonjy maika ny avy eo anivon'ny CENI ny sabotsy lasa teo. Avy hatrany dia nisintona ny fitoriana miisa 208 napetraka teny amin'ny HCC ny talala teo ny KMMR sy ireo mpahay lalana miaraka aminy. Maro ny antony nanaovana izany, mba ho tombontsoam-pirenena satria raha ny lojika dia mizotra amin'ny fihodinana faha 2 ny fifidianana filohampirenena raha ny namaran'ity vaomeram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana na ny CENI ity, satria tsy nisy nahazo ny antasamanilan'ny vaton'ny mpifidy ny kandida 36 nandray anjara tamin'ny fifidianana filohampirenena ny 7 novambra teo, raha io vokatra vonjy maika io. Raha ho an'ny vahoaka Malagasy dia mirosy amin'ny fihodinana faha2 ny mason'ny rehetra, saingy mbola miandry kosa ny tena vokatra ofisialy havoakan'ny HCC ny rehetra aorian'izay. Amin'izao fotoana manakaly ny famoahan'ny HCC ny voka-pifidianana ofisialy izao dia maro ny savorovoro hita etsy sy eroa miseho eto amin'ny firenena. Noho izany, tsy hanampy trotaka izany indray ny kandida Marc Ravalomanana N°25, fa avy hatrany dia nandray fanapahankevitra NANATSOAKA ny fitoriana, na maro be aza ny lesoka sy ny halabato nataon'ny kandida mpifaninana tamin'ny, tamin'ny alalan'ny fifidianana ny safin'ny mpifidy sns... Tsy ilaina intsony ny resabe sy korontana fa efa mahantra loatra ny vahoaka Malagasy, ny fifidianana marina tsy toy ny tamin'ny fihodinana voalohany izao no kinendrin'ny rehetra.

Helisoa

Fifidianana fihodinana faharoa

**Raha ny riziky, ho lasan-dRavalo 70% io hoy ny mpandalina pôlitika**

Hihena an-daharana ny mpanohana an'i Andry Rajoelina taorian'ny fanakianana nataon'i Andry Rajoelina tamin'ny hoe ho arahi-maso sy hotsirihina ny logiciel ny Ceni, sy ny fametrahana fitoriana teny anivon'ny Hcc. Fitiavan-tseza sy voninahitra indray io ataon'i Andry Rajoelina io raha ny namaran'ireo mpianatra mpandalina pôlitika tafaresaka tamin'ny mpanao gazety. Mitady hanao amboletra ho lany filoham-pirenena fihodinana voalohany mantsy i Andry Rajoelina avy tsy mankasitraka ny voka-pifidianana ofisialy havoakan'ny Hcc avy eo. Tokony hivoaka alohan'ny 26 novambra ny voka-pifidianana ofisialy eny anivon'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana Ambohidahy. Olana goavana ho an'i Andry Rajoelina hoy ihany ireto mpandalina pôlitika ireto ny volabe lany tamin'ny praopagandy fihodinana voalohany, ankoatry ny fizarana fanomezana sy volabe ho an'ny mpanohana azy, ka tsy maintsy haverina io rehefa lany hitondra ny firenena izy. Tsy vitan'izany fa ho sahirana amin'ny fifanarahana manokana tamin'ny mpamatsy vola satria misy tambiny goavana ao. Izany rehetra izany no atahoran'i Andry Rajoelina raha tsy lany eo izy. Manginy fotsiny ny famoahan'ny olona ny marina tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany iny. Matahotra arak'izany i Andry Rajoelina, ka aleo atao avokoa izay fomba rehetra ilazana fa lany fihodinana voalohany, izay no ataony sy ny mpomba azy. Ahiana hitarika korontana indray toy ny tamin'ny taona 2009 eto Madagasikara i Andry Rajoelina raha mivaly ny voka-pifidianana fihodinana voalohany havoakan'ny Hcc. Mazava arak'izany hoy ireto mpandalina pôlitika ireto, fa raha ny riziky na ny chance dia ho lasan-dRavalo 70% io fihodinana faharoa io amin'ny 19 Desambra ho avy izao raha ireo zava-misy ireo.

Rajo



## Ny Valosoa sy hadihady

### Voka-pifidianana: tsy maintsy handrasana amim-pahendrena izay havoakan'ny HCC

Miandry am-pitoniana sy amim-pilaminana ny fihodinana faharoa ny fihodiana izay ho fihodinan-pirenena malagasy ny 19 Desambra 2018 ny ankamaroan'ny olompirinena, satria tsy hisy fiovana firy amin'ny vokatra navoakan'ny CENI ny didy havoakan'ny Fitarana Avo momba ny Lalampiranena (HCC). Tsy toy izany kosa ny politisiana gasy satria misy ny mitaky ny hanafonana ny fihodiana natao ny 7 Novambra lasa teo mihitsy ary ao ny tsy manaiaky ny voka-pifidianana ofisialy vonjimaika navoakan'ny Vaomieram-pirenana Mahaleotena misahana ny Fihodiana satria mamoka vokatra mamitaka, hono, ny rindram-baiko na « logiciel » ampiasain'ity rafitra ity. Iaraha-mahalala fa ny kandida laharana faha-13, Rajoelina Andry Nirina, no mampiele izany satria efa nanantena fa ho lany tamin'ny fihodiana voalohany noho ny volabe natao fafikatrana nvidiana ny safidim-bahoaka kanefa ny azo amin'ny kiloadoka tokoa dia mivoaka amin'ny makarakara. Niala aloha teny amin'ny fanaraha-maso ny vokatra anefa ny solontenany any rehefa nantsoin'ny CENI ny kandida nanao fampitahana dia tsy tonga teny koa. Amin'izao fotoana izao dia sady nametraka fitoriana any amin'ny Fitarana Avo momba ny Lalampiranena no mampihorohoro fa tsy hanaiky na inon-kitranga na inon-kidona, izay mampahatsiahy ny nolazainy tamin'ny taona 2009 hoe : na basy na tafondro hipoaka dia tsy maintsy mandresy ny tolona. Samy miaky avokoa na ireo kandida, na ny olon-tsotra, ary na ny CENI aza fa nisy ny lesoka na tamin'ny fanomanana, na tamin'ny andron'ny fihodiana momba ny kara-pifidianana sy ny lisitra kanefa tsy misy hanaiky raha mbola hiverina amin'ny lalan'ny indray satria hira ao anaty Fihirana no nentina nanongam-panjakana ary amin'izao fotoana izao indray dia andinin-tsoratra Masina no atao fitaovana handemena ny sain'ny Malagasy. Misy mitarika olona eny amin'ny Fitarana Avo momba ny Lalampiranena kanefa tsy sahy miseho mivantana, toy ny natao tamin'ny fanonganam-pajakana ihany ny mpi-

tarika fa toa mikasa hanao sorona ireo tsy mahatsinjo lavitra sy te-handroba fotsiny ihany. Azo inoana ihany koa fa tsy nangataka ary tsy nanome alalana momba izany famorian-bahoaka ankalamanjana izany ny prefektoria sy ny fiadidiana ny kaominina Antananarivo Renivohitra kanefa dia efa telo andro no nisian'izany. Midradradra anefa ny mpitondra fa tany tan-dalana i Madagasikara ary tsy maintsy hajaina ny rafitra mijoro rehetra. Vava tsy ambina tokoa no naha-voasazy ny kandida iray nanimbazimba mpitandro filaminana ka, angamba, mendrika ho saizana ihany koa izay tsy manaja lalana sy manakiana tsy misy porofo ny rafitra manokana misahana ny fihodiana sy mamory olona izay azo hadika ho fampitahorana na fandrahonana ny Fitarana Avo momba ny Lalampiranena izany. Heno tamin'ny haino aman-jery fa nisintona ny fitoriana napetrany momba ny voka-pifidianana navoakan'ny CENI tao amin'ny Fitarana Avo momba ny Lalampiranena ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana (KMMR) satria raha tsy nanao izany ity fikambanana ity dia toa mitsipaka avy hatrany ny hihatrehan'ny fihodiana faharoa sahady. Heverina fa fanapahan-kevitra voasaina tsara izany satria raha amin'ny fihodiana faharoa kosa no mbola misy ny tsy fahatomombanana sy ny fanodinkodinana ny vokatra dia azo hatao tsara ny miaro ny safidim-bahoaka toy izay nitranga tamin'ny taona 2002. Nahombo ny hetsika tamin'izany satria tena ny Malagasy mihitsy no niaro ny safidiny ary nopofoin'ny fampitahana ny PV izany ka nandresy tamin'ny fihodiana voalohany ny filoha Ravalomanana Marc. Tsy mbola levon'ny vavonin'ny amiraly izany hatramin'ity ny androny, ka nirotsahany ho kandida indray tamin'ity indray mitoraka ity. Reraka noho ny fahantrana ny Malagasy ka tsy mendrika ny haina ao anaty krizy mafimafy indray na dia tsy mbola tafavoaka izany aza amin'izao fotoana izao. Tsy maintsy mandray andraikitra anefa ny olompirinena tsirairay manoloana izay mety ho fanodinkodinana ny safidiny.

Andry Tsiavalona

## TONONKALO

### TSY MILA MPANGALATRA NY FIRENENA

Mpangalatra indray ity no toa avo vava,

Mampiakatra feo sady mivatratra:

"Tsy maintsy mandresy i boakely mpandrava

Na inon-kidona na inon-kiatra !"

Mpangalatra indray ity no miantso polisy,

Dia gaga sy zendana ny olon-drehetra.

Ny hevitra tsara va re no tsy misy

Sa tena dahalo ka tia amboetra ?

Mpangalatra indray ity no heno mitrena,

Kanefa matahotra fampitahana ?

Sao efa nilaozan' ilay fahendrena

Ry sefon'ny lainga sy ny fandravana ?

Dia indro tebahina ireo izay miteny

Satria mihevi-tena fa efa mpitondra ?

Ny fomba fisainana tahak'ireny

Ilay an'ny biby tahaka ny ampondra !

... Zahay dia tsy mila mpangalatra intsony

No tena tsy mila boakely mpandrava,

Koa aza mandihy mbola tsy afa-tavony,

Lalao mbola ho ela, diavolan-ko lava !

SEDERA RAVALISON (21-11-18)

## RANIRY MAHAJANGA

### Mila mametraka arofanina mialohan'ny fihodinana faha 2

**Maneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena indray Raniry, mpanoratra sady mpanakanto any Mahajanga :**

Vita iny ny dingana voalohany dia ny famoahan'ny CENI ny voka-pifidianana vonjimaika, fihodiana voalohany. Mazava izao fa tsy maintsy hirosoana ny fihodiana faharoa. Isaorana ny vahoaka mpifidy sy izay rehetra nikarakira, ka nahatontosana iny fihodiana fihodinana voalohany iny hoy izy. Isaorana indrindra ny CENI fa hita ho nanao ezaka goavana izy sy nanao ny ainy tsy ho zavatra tokoa na dia teo aza ireo fanakianana mavaivay izay nihatra taminy. Tokony hahay handray lesona ny tsirairay mahakasika an'ny fihodiana fihodiana voalohany iny. Efa hita dahalo ireny ny lesoka rehetra koa soa lavo hahay hamindra, soa ho kenda hahay hitako. Dia mankahery ny CENI mba hampitombo avo telo heny ny ezaka efa vitany, hanarina ny tsy mety rehetra ary hisoroka izay mety ho fa-

nakianana manaraka. Miantso azy ireo mba hanana fanetren-tena lalina, ka na dia efa vita aza ny "fanamarinana" ny mahakasika ilay "logiciel" izay nampiasaina tamin'ny fihodiana voalohany, dia mba hame-rina izany indray, mba ho famaliana dieny izao ny fangatahan-dry zareo volamboatasy. Efa mandrangaranga tsy fane-kena valim-pifidianana sahady maintsy ny zareo ankehitriny koa aleo misoroka toy izay mitsabo. Tena tsy mahaso antsika tokoa ny mbola hisian'ny krizy hafa indray izay hanampy trotakra ny fahasahiranana lalina izay efa mihatra sy mby an-koditry ny vahoaka Malagasy ankehitriny, koa aleo re mba sorohana dieny izao izay rehetra mety hiteraka savorovoro sy korontana any aoriana. Ataovy izay rehetra mety ka mifanaraka tsara amin'ny lalana. Aoka ny CENI, ny HCC, ny Governemanta, ny mpitandro filaminana, ny fitsarana, ny FFKM, ny CFM sy izay rantsana rehetra afaka manao izany mba hamory mialo-

han'ny fihodiana fihodiana faharoa ireo mpifanandrina roa tonta dia hametraka mialoha ny arofanina rehetra mba hisorohana izay mety hampiasavovoro aorian'ny fihodiana. Averiko ihany fa tena tsy mahaso antsika ny krizy vavao indray koa aleo re misoroka toy izay mitsabo e! Raha ny fahitana ny zava-misy ankehitriny maintsy dia toa tena mampahy be ihany ny mety hisian'izany korontana mavaivay izany ao aorian'ny fihodiana fihodiana faharoa, raha toa ka tsy apetraka dieny mialoha ny arofanina hisorohana an'izany. Firenena iaraha-manana i Madagasikara koa adidintsika rehetra ny miaro azy tsy ho latsaka an-davaka lalina indray. Manaraka an'izany dia miangavy ny mpitandro filaminana mba hanao fanadihadiana lalina mahakasika ireo fipoahan-javatra niseho tato ho ato izay. Tsara ny haman-tarana ny tena marina mahakasika azy ireny mba hisorohana ny fifanosoram-potaka. Sao satria sarin'ady na rano-



maso manentsin-keloka fotsiny mba hanosorampotaka ny mpifanandrina. Aoka hanadihady lalina tokoa ny tompon'andraikitra dia hilaza ampahibemaso ny rangory fototry ny afo fa tsy avela ho very anjavony fotsiny. Mety ho betsaka ny tarehin-javatra tahaka an'ireny mba hambolena korontana eto amin'ny firenena koa miantso antsika rehetra mba tena ho maillo hatrany.

Miantso antsika zanak'! Dada rehetra mba ho tony tsara eo am-piomanana amin'ny fiaterahana ny fihodiana faharoa. Aza mamaly ny fihantsiana sy fandrani-tana izay tena manka-

rany fo tokoa fa izay mangina volamena; Andriamanitra tsy andrin'ny hafa andrintsika ihany. Angony ny hery sy tanjaka mba hahafahantsika mi-atrika ny fihodiana faharoa ka hampandresy mazava an'i Dada Marc RAVALOMANANA amin'ny salan'isa ambony. Tsy midika faharesena velively ny mangina. Vero notainganam-pody ka tsy folaka fa milefitra. Ny herintsika madiodio no ndeha hampandresena an'i Dada. Samia mandresy lahatra olona telo tsy mbola resy lahatra isika tsirairay avy manerana ny Nosy dia hazava ny fandresen'i Dada. Azo atao tsara izany raha toa ka manam-piniavana sy fitaivana isika. Aza adino mandrakariva ihany koa ny mametraka eo ampelatanan'Andriamanitra ny fikasantsika. Farany, tena mahazendana tokoa ny mahita ny habetsahan'ireo vato maty tamin'ny fihodiana fihodiana voalohany iny, aiza ve ka mahatratra telo hetsy mahery be izao! Miangavy ny tompon'andraikitra rehetra mba hanamafy ny

fampahafantarana sy ny fampianarana ireo vahoaka mpifidy mba hampihenana araka izay azo atao io isambato maty io. Adidin'ny fanjakana, adidin'ny CENI, adidin'ny tsirairay ny manampy ireo izay mbola marefo, indrindra ireo tsy mahay mamaky teny sy manoratra any ambanivohitra rehetra any. Fehiny, aleo hoy ny Razantsika, misoroka toy izay mitsabo; koa apetrako dieny izao izay arofanina rehetra izay mety hisorohana ny savorovoro aorian'ny valim-pifidianana fihodiana faharoa. Fantatra fa tena misy tokoa ny tsy hanaiky ho resy eo koa aleo sorohana dieny izao izay mety ho tedi-dratsiny sy izay mety ho politika malotony. Efa nilaza mihitsy moa ny sasany fa : "Tsy maintsy mandresy na inon-kidona na inon-kiatra..." koa samia mitandrina fa midika zavatra maro izany teny izany...

Nangonin'Isambilo



## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny KMMR teny Bel'air omaly.



Ny Filoha Ravalomanana tany Mananjary omaly.



## Sakafo Ny Valosoa



**Gana ritra sy sakamalaho ary dipoavatra maitso** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro mat-satso angivy miaraka aminy. Dia mihinana finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fambolena papay na paza malakilaky

Ho anareo an'izay tia mamboly, indro fomba iray azo hambolena papay na paza malakilaky sady mamokatra be. Maka rantsana papay ianao araka izany, izay rantsany eny aminareo eny dia arahina ny fanavonana azy ao anaty sary. Somary tapahana kely ilay tahon'ilay rantsana papay ary ahodidina eo ilay zezika ka fonosina sachet transparent, ary afaka andro vitsivitsy dia mitsiry ilay fakany kely. Azo tapahina amin'izany araka izany ilay rantsany ka afaka at-satoka amin'ny tany mifangaro zezika. Tondrahana sy karakaraina tsara ary dia hisy vetivety ny papay. Mila manana zezika "compost" tsara anefa izay mikasa hanao azy, tena mety ary mahavokatra hain-gana.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Marovoay any amin'ny faritra Boeny

Ny tanànan'i Marovoay any amin'ny faritra Boeny indray no Mahavariana sy Mahallana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ny tanànan'i Marovoay. Afovoany andrefan'ny faritra Boeny no misy azy, miala 12 km ny lalam-pirenena faha-4 ihany koa no misy ity tanàna ity. Iva toerana ny tanàna satria 10 m monja ny haavony mihakatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, satria Marovoay no sompitra faha-2 amin'ny vary eto amintsika. Any amin'ny 41 km ny tanàna no misy ny valan-javaboaharin'Ankarafantsika. Anisan'ny tanàna mafana eto amintsika koa Marovoay.





**NY TENY FIAINANA**

*Fa marina Jehovah, ka fahamarinana no tianny; ny mahitsy no hahita ny tany.*

*Salamo II:7*

**facebook NY VALOSOA**

**Tsy hampiova ny fitiavan'ny vahoaka an'i Dada sy Neny ny fako politika**



**Arp Helisoa** : zao ilay resaka fako politika vao nolazain'ny DG n'ny SAMVA e! Dia vakiana fotsiny araka ny fitenin'ny tanora azy ny ataon'ny sasany hoentina hanaratsiana ny CUA. Hitan'izy ireo fa efa hivaha ny olan'ny fako dia fanahy iniana lotoina fotsiny toy izao ny tanàna.

**Louvv Nathé** : fanahiniana mitsn io fako io, handotoana ny fidiavana mba tsy hifidy an'i Dada. Ny vahoaka tonga saina tsy tia mpangalatra sy mpandroba anefa dia tsy maintsy hifidy an'i Dada.

**David Ran's** : zao koa ve nareo vao tonga saina, efa vao nipetraka teo Neny Lalao Ravalomanana dia efa zany n zavatra niseo teo, misy olona manakarama tsy hay hoe iza, fa fako hitako zao oe tsy misy intsony fa nodiovin Camion 2 be zao ny naka az, dia, ny ampitspon'ny dia efa fako be indray no teo. Tsy hampiova ny fitiavan'ny vahoaka an'i Dada sy Neny anefa izany.

**Ignace Randriamamizafy** : fa Ahoana io ? izao kosa ve dia mba rany, tena fanahy iniana lotoina fotsiny izao ny tanàna.

**Randriambahoaka Soanaivo Erik** : io izy io, tena tsy vanona mihitsy izay nanao ireo fako ireo, tena ankasomparana fotsiny izay.

**Desire Ratsimandresy Ratsimandresy** : humm! Tsy lasa mitsy zao sabotazy izao.

**Norosoah Rahrimalala** : toe-tsaina lomorina ny an'ny mpitaona ny fako sy ny mpaniraka azy. Tsy mendrika ny ataohoe: olona intsony izao nanao an'izao.

**Jean De Dieu Rafanomezantsoa** : tro! Tena hita mihitsy hoe sabotazy, vao mainka hampiakatra ny fitiavan'ny olona an'i Neny sy Dada anefa izao ankasomparana ataon'ny sasany izao.

**Sahondra Hanitra Andrianasolo** : hita mihitsy fa ratsy saina, courage ny CUA a! tsy maintsy voadionareo sy ny Samva foana ny tanàna e!

**Antsa Randriamihaja** : tena toe-

tsaina mirefafa @ tany mihts izao, tena efa olona maty enteritra no nanao an'izao.

**Rado Bijoutier** : EFA sangy mihoatra NY loha kosa an'!

**Ratovoheriniaina Zakaria Arison** : eo amin'ny sisin'ny Complexe io eh? Tena maty enteritra marina tokoa izay nahavita izao.

**Odette Lisinirina** : tena mampalahelo le toe-tsaina!! De enao ve tsy manadio de mbola mandoto lany?mbola ho ela vao handroso isika .tsy mendrika hitondra firenena izay tohanan'ny olona manao an'io...

**Zara Mihaja Rija** : ry 13 sy ny forongony ihany zao no manao an'itony.

**Hasinasandrata Rahantaribenja** : izao le toe tsaina mila diovina eto @ tanàna ka raha mbol tsy ho hentitra sy mandray fanapahan-kevitra hentitra d handihizan'ireo maizina-tsaina ary d hanjaka zareo.

Tena misy fiantraikana lehibe io . Manaitra anareo foana, na izany aza, mankahery ny CUA hatrany.

**Martial Tovanirina** : fitaomana fako indray zao no misy vola ny mpanohana 13 o ! Sao tara... Misaina @ inona loatra ny mampanao sy mpanao an'itony e!

**Gervais Desire Ramananjatovo** : tena milay kosany io rah nabahana arabe ho an'ny mpanana fa tsy tety @ trottoirs fandehanan'ny tsy manana le ty eh. Hihihiiii! Vazivazy izany fa tena tsy vanona izay nanao sy mampanao an'izao.

**Jaonary Andriamoria** : asaivo tantarin'ny koa ny any Andralanitra dia hasaivo hapanitany eny amin'ny arabe, fa vitantsika foana ny manadio an'io. Tena toe-tsaina lomorina izay nanao ny toy izao.


**Justin Omer** : ha zalahy, olo tsy vanona koa nanagno raha ka raha ty! Courage pour la CUA. Mankahery anarô zahay aty Avaratra.

**Laure Razafiarisoa** : tena tsy olombelona ingtsony no nanao an'izao fa tena olona manao fisainam-biby.

**BORIBORITANY FAHA-6 (CUA)**

**Nanadio ny manodidina ny dabam-pako ho fisorohana ny loto tsy hiparitaka amin'ny arabe**

Mitohy hatrany ny fanadiovana teny amin'ny boriboritan'ny faha enina tamin'ity herinandro ity, ka ny ekipa teknika no tompon'antoka voalohany tamin'izany. Nanadio sy nanala ireo fako miparitaka manodidina ny dabam-pako, teny amin'ny fokontany Andraharo sy Anosivavaka izy ireo, mba hisorohana ny fiparitahan'ny fako manerana ny arabe amin'izao fotoam-pahavaratra izao. Manaraka izany, dia nanala sy nisikotra ireo fako sy fotaka tany anaty tatatra ihany koa izy ireo, ny tanjona dia ny hisorohana ny mety ho fahatsentsenan'ny tatatra. Teny amin'ny fokontany Ambodimita sy Andranomena no nanao-



**Ny fanadiovana ny dabam-pako teny Ambohimananina.**

vana izany asa izany. Araka izany, dia entanina hatrany isika mpoina mba handala hatrany ny fahadiovana; ka hanaja sy hanaraka

tsara ny toromarika, dia ny fotoana sy ny ora fanariana fako izany, amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina.

**Aly**

**Mpamonjy voinan'ny CUA**

**Notoloran'ny orinasa Mad'Energie avy any Toulouse fanampiana**

Nanolotra fanampiana ho an'ny mpamonjy voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny orinasa Mad'Energie avy any Toulouse Frantsa, tetsy amin'ny foiben-toeran'ny mpamonjy voina Tsaralalana ny talata teo. Nanolotra izany fanomezana izany, izay fanampiana mpamonjy voina miisa 150 ny filohan'ny orinasa Mad'Energie, Michel LAVOCAT, nisolotena ny Kaominina Antananarivo Renivohitra kosa nandray izao fanomezana



**Ny lanonana tetsy amin'ny mpamonjy voina Tsaralalana ny talata teo.**

izao, ny lehiben'ny mpamonjy voina eto an-drenivohitra, komandà Ramanoara Francky. Nisy ihany koa fifanoan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa nandritra izao lanonana tetsy Tsaralalana izao.

**Serge**

**Fambolena an-drenivohitra**

**Nanome fiofanana tompon'andraikitra avy amin'ny EPP miisa 7 ny CUA**

Nanome fiofanana ireo tompon'andraikitra avy eny anivon'ny EPP momba ilay tetik'asa fambolena an-drenivohitra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny andron'ny talata sy omaly alarobia. Ity fiofanana ity dia notanterahina teny amin'ny toerana fambolena ny Kaominina zana-kazo etsy Antanimena ary miisa 7 ireo EPP izay tonga namaly ny antso nandritra izany. Naharitra roa andro ny fampiofanana ary ho ezhahina hahazo izany fiofanana izany avokoa ireo EPP rehetra manerana ny Renivohitra. Ny tanjon'ity tetik'asa ity dia ny mba ho famatsiana sy fanohanana ireo « cantine scolaire » eny anivon'ireo EPP, manaraka izany dia mba ho fampandraisana anjara ireo ankizy ho tia sy hahay hikorokoro ny zavaboahary ary ny fanary dia ny hampiroborobo ny



**Ireo mpiofana momba ny fambolena an-drenivohitra tetsy Antanimena.**

fambolena « bio » mba ho safo ara-pahasalamana tantaraka ny vokatra azo avy amin'izany amin'ny alalan'ny fampiasana ireo zezi-pahitra ohatra. Araka izany dia hahazo tombontsoa manokana amin'ity tetik'asa izay volavolain'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ity ireo EPP rehetra. Rehefa tapitra ny fio-

fanana dia hiditra avy hatrany amin'ny fampiharana ireo EPP ary ny Kaominina Antananarivo Renivohitra etsy andaniny dia hanara-maso sy hanampy ara-teknika ny fambolena izay hatao. Tsara ny manamarika fa anana sy legioma isan-karazany no hoezahanana volena eny amin'ireo EPP rehetra.

**Aly**



**ADY TANY TANY SAKAY-TSIROANOMANDIDY**

# Nandresy ny fokonolona manoloana ilay sekoly nanao fanorenana tsy ara-dalàna

Nivoaka omaly ny didim-pitsarana mikasika ny ady tany, izay ifanolan'ny fokonolona ao Ankadinondry Sakay-Tsiroanomandidy, sy ny sekoly tsy miankina iray ao antoerana atao hoe Le Muguet. Nahazo rariny tao anatin'izany ny mponina ary natsahatra avy hatrany ny asa fanorenana, izay efa natomboky ny tompon'ilay sekoly Le Muguet herinandro izay. Tsena ao Ankadinondry ivarotan'ny tantsaha ny vakany isaky ny sabotsy no nanaovan'ny sekoly Le Muguet fanorenana ity, ka antony tsy aneken'ny fokonolona izany. Fa ankoatr'izay dia eo koa ny fisian'ireo fotodrafitra efa natsangan'ny kaominina eo antoerana, toy ny Bar, vi-

deo, masinin-kazo izay marobe eo akaikiny izay tsy mifanaraka velively amin'ny fenitra tokony hanorenana sekoly. Raha ny zava-misy nola-zain'ny Ben'ny tanànan' Ankadinondry, Ramananjatovo ary nohamafisin'ny ben'ny tanàna teo aloha, Andriamamory Volasoa Jean Odon, ny taona 2000 no nangatahan'ny kaominina hanaovana tsena io toerana io, ary azony izany, ka ny taona 2005 no niorina teo ny tsena ka hatramin'izao. Nandritra izay fotoana izay anefa dia nisy nanome titre ho an'ny sekoly Le Muguet tao amin'io tsena io. Nanohitra izany ny kaominina sy ny fokonolona ary nitondra ny raharaha teny amin'ny fitsarana, resy ha-

trany ny ankilany. Fanintelon'ny izao no nanao asa fanorenana teo ity sekoly ity, saingy tsy vita hatrany izany nohon'ny firaisankinan'ny vahoaka. Ny kaominina izay manao plan d'urbanisme ary miezaka mametraka rafitra ho entina hanome endrika ny tanàna. Tsy nailika ny sekoly hoy ny fanazavana hatrany fa efa nomena trano ianarana mandram-pananganan'izy ireo trano vaovao, ary efa nisy ny tany sy toerana natolotra azy ireo izay avo roa heny amin'ny haben'ilay toerana eo amin'ny tsena no mifanaraka amin'ny maha- sekoly fana-beazana azy, saingy nolavin' izy ireo hatrany izany. Ny alatsinainy teo dia tonga maro ireo fokonolona teo an-tanàna ni-

lanja sora-baventy teo amin'ilay toerana misy ny fanorenana, naneho ny tsy hafaliany sy ny tsy faneken'ny ary fanohanana ny asa rehetra. Nilaza ny tsy hanaiky hatramin'ny farany ihany koa izy ireo. Na izany aza, nanao ny hetsika amptoniana ihany ireto vahoaka ireto, ny zandary koa tazana teny niezaka nandamina ny olona. Tetsy ankilany, nilaza ny nanamafy ny fananany taratasy ara-dalàna mikasika ny mahatompom'ny tany azy ny tompom'ny sekoly ary tsy hanaiky ihany koa, nefa izao nandresy tamin'ny didim-pitsarana izao ny fokonolona sy ny kaominina ao Sakay Tsiroanomandidy.

**Serge**

**Boriboritany faha-2 (CUA)**

## Manadio ny tanàna hatrany ho fitandroana ny fahasalaman'ny mponina

Mitohy hatrany ny fanadiavana isan'andro izay tanterahan'ny sampan-draharaha teknika eny amin'ny boriboritany faha 2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tamin'ny andron'ny omaly dia tsy nihanona fotsiny tamin'ny fanadiavana ny sisindalana sy ny arabe ny

mpiasa fa nofafana sy nodiovina hatramin'ny lakan-drano, izay manamorona ny arabe, izany no atao dia mba hitandroana hatrany ny fahadiovan'ny tanàna, izay iankinan'ny fahasalaman'ny mponina.

**Ally**



Ny asa fanadiavana teny amin'ny Boriboritany faha-2.

**Fankalazana andro iraisam-pirenena**

## Mbola marefo ny fanajana ny zon'ny ankizy eto amintsika

Mifanindran-dalàna amin'ny fanamarihana ny faha-10 taona nijoroan'ny vovonan'ny fahamoni-pirenena ho an'ny ankizy, ny PFSCE, ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny ankizy, ka nifototra tamin'ny fanambarana ny hery mba hitsinjovana ny fampiroboroboana ny ankizy marefo no lohahevitra tamin'izany. Nandritra ny lano-

nana dia nisy ny fifandimbiasam-pitenenana nataon'ny solontenan'ny minisiteran'ny mponina, ny ben'ny tanànan'ny kaominina Antananarivo renivohitra, ny solontenan'ny Unicef sy ireo olo-manan-kaja samihafa nanototra ity andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny ankizy ity. Nisongadina tamin'ny fandraisan-pitenenana samihafa fa mbola ma-

refo ny fanajana ny zon'ny ankizy eto Madagasikara, raha ny nambaran'ny tale misahana ny ankizy sy ny fianakaviana eo anivon'ny minisiteran'ny mponina, Rasolonjatovo Auguste, na dia izany aza anefa dia efa ahafahan'ny ankizy madinika misitraka ny zony izany. Tsy halaitra ny asa sy fiarovana ny zon'ny ankizy fa adidy hoy kosa ny solontenan'ny

Unicef eto amintsika, Rasolofoarimanana René raha nankahery sy namporisika amin'ny fanavaovana ny asa eo anivon'ny vovonan'ny fahamoni-pirenena ho an'ny ankizy araka izany ny tenany. Nomarihana ny Talata lasa teo ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny ankizy.

**Rajo**

**Miandrivazo**

## Tandahatra fiara misy zandary mbola notafihan'ny dahalo

Olona iray no maty tsy tradrano vokatry ny tfitra nataon'ny dahalo ireo fiara mpitatitra, mampitohy an'Antananarivo sy Morondava ny alin'ny alatsinainy hifoha talata, tokony ho tamin'ny roa ora maraina. Tandahatra fiara mpitatitra kaoperativa Sonatra miisa efatra fantatra amin'ny hoe tête de convoi no nisedra ny fanafihan'ny mpanakandalana, torabato narahina tfitra variraraka no nahazo ny fiara iray ary namantana teny an-tanimbary rehefa tsy voatohitry ny mpamily intsony ny familiana sy ny fiantefan'ny torabato sy ny tfitra variraraka izay nisy niantefa teny amin'ny fihirifany. Sahabo ho valo kilometatra miala an'i Miandrivazo, ao anelanelan'i Morarano sy Analamaizina no nitrangany ny loza. Marihina fa nisy ny mpitandro ny filaminana mpanaraka tao anatin'ny fiarakodia ary namaly avy hatrany ireto olondratsy izay vaky nitsoka ny ala rehefa naheno ny poabasy namaly azy ireo, sinoa iray mpandeha ho any Morondava no maty tsy tra-drano vokatry ny bala nifanitsy tamin'ny tao anaty fiara, noezahana ihany ny namonjy ny ainy, tany amin'ny Haopitaly Miandrivazo anefa dia tsy nisy azo natao intsony. Nisy ihany koa naratra vokatry ny toraka saingy efa nahazo fitsaboana avokoa, ity sinoa maty kosa efa nalefa namonjy an'i Morondava. Efa tsy matahotra mpitandro filaminana intsony ny mpanakan-dalana amin'ny lalam-pirenena faha-34 iny amin'izao fotoana izao, maro ireo fiara mpitatitra olona taxibrousse na koa fiara mitondra vahiny no mahita faisana. Manoloana izany, misy ny fepetra raisin'ny eo anivon'ny Zandarimariampirenena ao Morondava, amin'ny fametrahana miaramila misafo ireo toerana mafana.

**Ny Valosoa**



Ilay fiara mpitatitra voatititra nifatra tany an-tanimbary.

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy. Momba ny fifidianana 2e tour, ho an'ireo tsy tafiditra tao amin'ny lisi-pifidianana tamin'ny 1er tour teo ary tsy afaka nifidy, dia entanina izy ireo hiverina hana-marina ny anarany any amin'ny biraom-pokontany na mijery ao amin'ny site ny Ceni. Androany dia nisy nanandrana nijery anarana tao amin'ny site-ny Ceni dia nanjary tafiditra. Langa-vio ny namana raha misy fahasahiranana. Veti-vety noho ny fandehanana any amin'ny fokon-tany. Mbola mila miakatra ny tahan'ny mpifidy mandray anjara amin'ny fifidianana amin'ny 2em tour, Dada tsy maintsy mandresy ihany no tanjontsika, noho izany mbola mila mifidy hatrany isika. Ny mpifaninana koa mantsy manao ny fomba rehetra hanindriany sy hangalarany, mailo hatrany isika.

**Be Dominique  
Lot 2.... Tanamborazano  
Toamasina**

## SARIITATRA





Donat K. Avizy - Afo



**COMMUNE  
URBAINE  
D'ANTANARIVO**

# HAJAIKO NY FOTOANA FANARIANA FAKO

Manomboka amin'ny  
**5ora Hariva h@**  
**8ora Alina**

Azonao atao ny mifandray aminay amin'ny:  
[www.facebook.com/FahadiovanAntananarivo](http://www.facebook.com/FahadiovanAntananarivo)

